vahoaka rehetra mandray anjara amin'ity fihaonana an-tampon'ny SADC ity ary tafiditra ao anatin'izany ny lafiny kolontsaina sy ny asa tanana. Hifandrimbona amin'ny fanatanterahana ity hetsika ity ny Minisiteran'ny fizahantany sy ny asa tanana, ny Minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo. Ho hita madritra ity «BAZAR DE LA SADC» ity ireo tranoheva izay tena mampiavaka an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra samihafa toy ny kolontsaina, ny sakafo, sns...
Handray anjara ihany koa ireo firenena mpikambana eo anivon'ny SADC ifampizara ny kolontsain'izy ireo. Misokatra ho afaka tsidihan'ny daholobe izany hetsika izany. Maro ihany koa, ankoatra izay, ireo hetsika manerana an'Antananarivo izay hanamarihana ny fandraisantsika izany fihaonana an-tampon'ny SADC izany.

## II. FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manaiky ny tahirim-bola fandraisana anjara mitentina 8 tapitrisa dolara avy amin'ny QIT Madagascar Minerals S.A (QMM / Rio Tinto Group) ho fanamboarana ny lalam-pirenena faha-13.**

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO**

**Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana mamaritra ny fandaminana, ny andraikitra sy ny fampandehanana ny "Autorité de Régulation de l'Electricité " (ARELEC)**

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-962 tamin'ny 29 septambra 2021 ary manendry ny **Général de Brigade SAMSE ASSIMO Andriamialy**, ho "Directeur Central du Commissariat des Armées de l'Etat-Major des Armées."

**MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-059 tamin'ny 22 janoary 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RALAIMAZAVA Barnabé Ghislain**, ho Talem-paritry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny fanajariana ny tany Analanjirofo

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

Nolaniana ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAOBELLE Evah Norotiana Andriamiakatsoa**, ho "Directeur d'Etablissement du Centre Hospitalier Universitaire Santé Mentale Anjanamasina"

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-026 tamin'ny 15 janoary 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANARIMANANA José Victor**, ho "Coordonnateur Général des Projets et Partenariats" (CGPP)